## Manoela avy amin'ny RMDM 2

**Tsy ekena marindrano ny lalàna momba ny fanalan-jazan'i Masy Goulamaly**

Tononkira **SAKAMBINO** Firmin 4


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 26 oktobra 2021 Laharana 1225 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com


facebook : gazety valosoa rakoto


**Mitombina ny tolon'ny mpanao gazety** 5

## Mitady hanao izay tiana atao ny ministra Lalatiana

### Rajoelina sy ny forongony 2

# Toa mizotra any amin'ny filavoandefona



### Manamboninahitra ao Ampahibe-Betongolo 2

# Manampatra fahefana amin'ny miaramila miara-miasa aminy




### Antsirabe-Betafo-Miandrivazo 7

# Potika tsy misy fanamboarana ny lalampirenena RN34



### Lemak'i Bas Mangoky 7

# Ritra ny reniranon'i Mangoky sahirana ny tantsaha mpamboly vary



**Alasora Avaradrano** 6

## Miseho lany ny varotra antsokosoko zava-mahadomelina

**Varotra sy fanjifana** 4

## Mampihanta ny besinimaro ny Tranombarotra Baolai


**Daka kely**

Tafavoaka Ravelonarivo, fa ahoana marina nareo reto ry Boaikely a !

RAJOELINA SY NY FORONGONY

# Toa mizotra any amin'ny filavoandefona

Milavo lefona no ilazana ireo mpitsoak'ady sy mivadika amin'ny toky nomeny, ary tsy mahatanteraka ny vava navoakany. Raha ny fahitana ny zava-misy amin'izao fotoana izao dia toa efa mizotra mankany ny mpitondra sy ireo mpiaradia aminy , voaporofo amin'ny fihetsika sy ny fanambarana ataon'izy ireo izany.
Nampanantena fatratra Ingahy Filoha Rajoelina, fa hiverina alohan'ny 26 Jona 2020 ireo Nosy Malagasy bodoin'ny frantsay , ary niedinedina ery ity filohantsika raha nitafa tamin'ny fahitalavitra frantsay nilaza ny hoe: '' restitution'' fa tsy ''cogestion'', kanefa nony tonga tany amin'ny pilopitran'ny Firenena Mikambana tamin'ny volana Septambra 2021 dia lahateny mitady fangorahana no nataony," tsy manana hery enti-miady hono isika malagasy, ka mitaky amimpilaminana ny famerenana ireo nosy nambaran'ny Firenena Mikambana tamin'ny 1979 fa antsika Malagasy, fihetsika mampiseho filavoandefona izany .
Vao namely volana vitsivitsy teto amintsika ny aretina koronaviriosy, dia nampiakapeo Ingahy Rajoelina, fa nahita fanafody handresena ny koronaviriosy hono isika malagasy dia ny Cvo izany, ka hitodika aty amintsika hono ny mason'izao tontolo izao, nankalazaina fatratra izany vaovao izany, nandefasana Cvo avokoa ireo firenena afrikana maro, namporisihan'Ingahy Filoha ny vahoaka malagasy hamboly ny artemezia, fa mahavonjy sady ahazoana tombony noho ny mamboly vary hono io artemezia io. Taty aoriana indray rehefa niroso tamin'ny fanaovambakisiny izao tontolo izao iadiana amin'ny koronaviriosy , dia somary nanao teny feno avona ity filohantsika nilaza ny hoe : ny Cvo hono no nahasitrana an'izy mianakavy. Fa raha nihaona tamin'ireo mpiara-miombon'antoka iraisampirenena anefa Ingahy Filoha andro vitsivitsy lasa izay dia tsy tahotra tsy henatra nanentana ny olona hanao vaksiny , endriky ny filavoan-defona izany, ka raha mitohitohy dia mety ho tonga amin'ny filazana mivoaka amin'ny tambazotrantserasera samihafa, izay nilaza hoe efa vita vaksiny tamin'ny 12 Febroary 2021 tany ivelany hono Ingahy Filoha.
Tsy Ingahy filoha irery no milavo lefona, fa tsikaritra ho manao toa azy ireo akaiky azy, anisan'izany Ingahy Tôta Ben'ny tanàna etsy Andoharanofotsy, izay nandray fanapahankevitra tsy handefa ireo mpilalaony hiatrika ny lalao famerenena, izay tokony ho notanterahina tany Angola tamin'ny alahady 24 Oktobra teo, filavoandefona tsotr'izao no ilazana izany , toetsaina tsy mendrika izany raha olona mpitarika .



Fa tsy i Tôta irery, fa Ingahy Ratsirahonana Norbert, ilay nanoratra ny volavolan-dalàna petatoko nasaina neken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenena (HCC) tamin'ny 17 Marsa 2009, nanome fahefana ny filoha ankehitriny nitondra ny tetezamita dia maneho fihetsika filavoandefona raha mandinika ny fanambarana nivoaka ny vavany, tamin'ireo fitsidiham-paritra nataony namelomany ny antoko Avi izay noforoniny. Nambaran'Ingahy Ratsirahonana, fa tsy mahomby hono ny fomba fiasan'ny fitondrana ankehitriny, koa inona ny dikan'izany fa tsy efa milavo lefona amin'ny fiarovana ny fitondrana Rajoelina ny Avi .
Ny vaovao nanaitra tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo dia tafaporitsaka any Eoropa ny Jeneraly Jean Ravelonarivo, Praiminisitra faharoa notendren'ny Filoha Rajaonarimampianina, ary visa ara-dalàna avy amin'ny manampahefana malagasy no nivoahany teto, marihana fa noampangaina ho mpiray tsikombakomba tamin'ny Tale Jeneralin'ny Cnaps Rabekoto Arizaka Raoul ny Jeneraly Jean Ravelonarivo ary nohelohin'ny fitsarana 5 taona an-tranomaizina sazy mihàtra, miampy ny fandoavana honitra mitentina 6000 tapitrisa Ariary tamin'ny 27 Septambra 2021. Matoa tafaporitsaka niala teto Madagasikara Ingahy Ravelonarivo, ary ny fahazoany visa nosoniavin'ny tompon'andraikitra malagasy dia vakiana fotsiny araky ny fitenin'ny tanora, fa dia tsy manaraka ny baikon'ny mpitondra intsony ireo manampahefana sasany f'efa milavo lefona amin'ny fanarahana an-jambany ireo tian-kano tsy tiankano ataon'ny filoha, ka sahy mijoro tsotr'izao manohitra baiko .
Rehefa ireo nantenaina hatramin'izay, no mizotra mankany amin'ny filavoandefona dia midika hoe efa managasanga izany ny farany.

***Ny Valosoa***

Manoela avy amin'ny RMDM

# Tsy ekena marindrano ny lalàna momba ny fanalan-jazan'i Masy Goulamaly

Vahiny tao amin'ny fandaharana Miara-Manonja tao amin'ny Radio Mada, sy ny Radio sy ny Televiziona MBS Manoela, avy amin'ny RMDM ny faran'ny herinandro teo. Anisan'ny nambarany tamin'izany, fa tsy ekena marin-drano ny tolo-dalàna momba ny fanalanjaza natolotry ny depioten'i Tsihombe, Masy Goulamaly. Nilaza ihany koa ity mpanao politika ity fa tsy mandeha amin'ny làlany intsony izao fiainana izao, fa mankany anaty lavaka. Nampanantena ny filoha tamin'ny propagandy, fa hamboariny ny RN10 ary nilaza izy, fa tsy hanao politika intsony raha tsy vitany io. Tsy tokony hanao politika intsony izy izany, satria tsy mbola vita ilay làlana. Tsara ho fantatry ny filoha ihany koa, fa ny RN10 dia miainga ao Andranovory-Betioky-Ampanihy-Beloha-Tsihombe-Ambovombe, fa tsy araka ny nolazainy hoe miainga avy eo Andranovory mankany Toliara , izay RN7. Mahakasika ny tolo-dalàna ITG momba ny fanalan-jaza, ajanony io hoy i Manoela, miantso ny depiote Masy Goulamaly izy, tolo-dalàna hialàna amin'ny Kere, tolo-dalàna hampisy ny rano, hampisy pipeline any Tsihombe, no tokony ho natolotrao fa tsy tolo-dalàna fanalanjaza. Momba ny Ceni sy ny HCC, tokony ho ravana aloha ireo rafitra ireo vao hirosoana ny fifidianana, satria rafitra miandany ireo, hoy ihany ity mpikambana teo aloha tao amin'ny Kongresin'ny Tetezamita ity.



*I Manoela tao amin'ny fandaharana Miara-Manonja.*

***Stefa***

Manamboninahitra ao Ampahibe-Betongolo

# Manampatra fahefana amin'ny miaramila miara-miasa aminy

Velon-taraina ny miaramila miasa ao amin'ny toby Ampahibe-Betongolo amin'izao fotoana, fa misy manamboninahitra ambony amin'izany toby izany, manampatra fahefana amin' ny miaramila miara-miasa aminy. Araka ny fitarainana voaray, nanao service militaire na raharaha miaramila ny miaramila iray, saofera sady mécanicien no asany. Niasa tamina manamboninahitra ambony izy, nanao ny asany tsara. Noho izay antony izay, nahazo rengagement izy. Tsy nisy fifanarahana tamin'ny lehibe na kely aza. Indrisy anefa, fa raha vao nandray "rappel", karama (volana maromaro) izy tamin'ity volana oktobra ity, nisy lehibe naka an-tery ny "rappel" karamany rehetra. Nangaina ny vady aman-janany noho izany fanamparam-pahefana izany. Nitaraina izy, fa raha hafaliam-po na fisaorana no nalaina tsy olana, fa dia izy rehetra no lasany fotsiny izao tsy nisy teny ierana. Efa nilaza ny ministry ny fiarovam-pirenena, fa tsy mandefitra amin'ny toe-draharana toy izany, ka tokony ho jeren'ny tompon'andraikitra ny fanaparam-pahefana ataon'ny lehibe toy izao.

***Niaina***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fitondrana Rajoelina

# Tsy manana tohan-kevitra mitombina, tsy marim-pototra sy tsy mazava

Tsy maharesy lahatra ny filazana ambaran'ireo olon'ny fitondrana, raha nilaza tato ho ato momba ny amin'ny tokony hametrahana ilay fitaovam-pitaterana mikorisa amin'ny tariby eto Antananarivo renivohitra. Nambaran'izy ireo, fa natao hamerenana ny kolontsainan'Antananarivo izy io, hoy ny tompondraikitra iray. Momba ny amin'ny setroka manempotra ny ankizy noho ny habetsahan'ny fiarakodia mifamezivezy eto an-drenivohitra indray koa, no nambaran'ny filohan'ny Repoblika. Miharihary fa maivamaivana izany fanehoana sy fanohanan-kevitra izany.
Izany ve haharesy lahatra ny mpandalina ny fiainam-pirenena na ny olom-pirenena, izay mahafantatra tsara ny amin'ny niavian'ny vola hanatanterahana ny asa ? Vola notrosaina tamin'ny fitondrana frantsay no nahazoana ny vola. Midika zavatra maro sy lehibe izany. Eo ny fotoana tsy maintsy hamerenana ny vola, izay ny vahoaka no lasibatra amin'ny fandoavana izany; ary eo ihany koa ny fatotra amin'ny endriny samihafa amin'ny fitrosana, indrindra amin'ny fitondrana frantsay no mitrosa vola. Ny hetahetam-bahoaka aza dia ny fikatsahana hiala haingana ny geja mamatotra ity firenena ity amin'ny fitondrana frantsay. Izao ilay fitondrana Malagasy mihitsy no manao hatrany izay hahamafy ny geja manjo ny firenena. Lasa mpitari-bato vilam-bava hatrany ny fitondrana, ny ataon'ny tanana hafa, ny tondroin'ny molotra hafa. Miseho mitaky ny Nosy Malagasy amin'ny fitondrana frantsay kanefa etsy ankilany mandadilady aminy amin'ny fitrosana vola hanatanterahana fotodrafitr'asa. Mazava loatra, tsy hahazo rariny velively amin'ny fitakiana ireo Nosy manodidina ireo izao fitondrana izao, fa ho ariarin'ny fitondrana frantsay. Efa fantatra rahateo ny politikany, fa ny mpitondra Malagasy mihitsy no minia mikimpy sy mandeha an-jambany manao fa ho any fa hoany fotsiny amin'ny fitakiana, mba hisehoana amin'ny vahoaka fotsiny sy hihatsaranavelatsihy, fa hoe tia tanindrazana. Raha tena hitaky marina ireo Nosy ireo ny fitondrana Malagasy, dia atsaharo ny fitrosana na ny fangatahana vola sy fiaraha-miasa amin'ny fitondrana frantsay, hoy ny nambaran'ny mpitarika ny antoko Otrikafo izay.
Ireo tsy mijery lavitra, hoy ireo mpanasohaso sy mpisolelaka amin'ny fitondrana no manakiana ny amin'ity fitaterana vaovao ity. Mazava loatra, fa tsy mampiraika azy, izay mpahazo tombontsoa amin'ny fitondrana isan'andro, ny fahoriana sy ny fijaliam-bahoaka amin'ny fiainana andavanandro. Ireo ilay mpanao vain-drahalahy tsy marary. Ny vahoaka izay mikaikaika tanteraka amin'ny fahasahiranana noho ny fidangan'ny vidim-piainana isan'andro. Tsy misy afitsoka amin'ny vahaolana momba izany anefa izao fitondrana izao. Ny mahamaika azy, ny fitaterana mikorisa amin'ny tariby izao. Hahavaha ny olana amin'ny any anaty vilanin'ny isam-pianakaviana ve ny fisian' izany, sy hisy fiantraikany amin'ny kitapombolan'izy ireo? Mazava loatra, fa tsy hisy, satria tsy ny sarambabem-bahoaka sahirana ara-pivelomana velively no hisitraka izany raha ho vita , fa ireo manan-katao ihany. Ny saran-dalana amin'ny taxibe aza, ny ariary zato famerim-bola mbola takiany mafy ery sy ny fiadiany varotra amin'ny saran-dalana amin'ny misy amin'izao fotoana izao. Ny Bus Class 1500 Ar ny saran-dalany aza amin'izao fotoana, zara raha misy mpitaingina.

***Sôh'son***



## Ny Valosoa sy hadihady

### Fandeferana aotra (0)

# Tokony hampiharina amin'ny tranga rehetra mambotry Firenena sy manohintohina ny fiainam-bahoaka

Tsy takona hafenina intsony ny tranga tsy mizotra amin'ny làlana tsy azo sainina akory, eo anivon'ny sehatra rehetra manerana ity Nosy ity, noho ny antony maro samihafa. Nanambara ny Praiminisitra lehiben'ny governemanta Ntsay Christian, fa tsy hisy fandeferana mihitsy manoloana ny tsy fandriampahalemana na "fandeferana aotra (0)". Toa tsy mahafantatra ny Praiminisitra, fa tsy vao izao no mampikaikaika ny mpiray Firenena ity resaka tsy fandriampahalemana ity. Tsy an-tanàn-dehibe ihany fa hatrany ambanivolo manerana ny Faritra any koa. Raha ny eto an-drenivohitra no asian-teny dia mitangorona eto avokoa ny ankamaroan'ny zandary sy polisy ary ny miaramila, izay tena tomponandraikitra amin'ity resaka ity. Iaraha-mahalala fa ny zandary dia any ivelan'ny tanàn-dehibe no miantoka izany ary ny polisy kosa dia aty an-tanàn-dehibe. Zary an-kilabao anefa ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany, fa ny tomponandraikitra any amin'ny andrimpanjakana rehetra any no ifantohan'ny herin'ny "mpitandro ny filaminana", ka raha vao misy hetsika heverin'ny mpitondra fa manohintohina ny fiandrianany dia irahiny ireto manao fanamiana misambotra na manaparitaka ny mpanao fihetsiketsehana amin'ny alàlan'ny baomba mandatsa-dranomaso. Tsy azo lavina, fa misy ny voasambotra ny jiolahy an-tanàn-dehibe fa tokony miketrika fandaminana matipaika hamongorana izany ny mpitondra. Torak'izany koa ny any ambanivohitra rehetra any, ka tsy mahagaga raha mahazo vahana ny fitsaram-bahoaka, satria azo lazaina fa tsy manana hery sy fitaovana entiny miaro ny vahoaka sy ny fananany ny "mpampandry tany". Araka izany dia tsy vitan'ny fanambarana fotsiny ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana, fa mitaky fanapariahana ireo singa (éléments) sy fampitaovana azy ireo izay tsy maintsy mifandraika amin'ny toe-javatra misy any an-toerana hametrahana azy ireo izany. Koa na tara aza izany fanapahankevitra noraisin'ny lehiben'ny governemanta momba ny fandriampahalemana izany dia, angamba, hitera-bokatsoa amin'izay. Etsy andaniny dia tsy azo ekena ary tsy tokony hisy fandeferana ihany koa ny tranga fanodinkodinam-bolam-bahoaka. Mivoaka amin'ny tambazotra-tserasera rehetra ny nahatafatsoahan'ny jeneraly Ravelonarivo, Praiminisitra, teo aloha any ivelany. Manaporofo ity toe-draharaha ity, fa mibananaka tanteraka ny sisintan'ity Firenena ity, ka tsy mahagaga raha tafavoaka "antsokosoko" ny vatosoa, volamena sy biby arovana ary hazo sarobidy. Tsy mampino ihany anefa itsy tranga mahavoarohirohy ny Praiminisitra teo aloha itsy, satria nisy koa ny olona mpiray petsapetsa amin'ny fitondrana naterina any ivelany na dia voasaringotra amin'ny fanodinkodinam-bolam-bahoaka aza, ka sao dia navela nitsoaka ihany izy. Tsy zoviana amin'ny mpanara-baovao sy liana amin'ny toe-draharaha politika rehetra ny tale jeneralin'ny serasera tao amin'ny fiadidiana ny Repoblika Rinah Rakotomanga. Ny filohan'ity andrimpanjakana ity mihitsy no nitondra azy niaraka taminy, tamin'ny fiaramanidina, nankany Frantsa ary tokony hiasa ao amin'ny masoivohon'i Madagasikara ao Parisy izy amin'izao fotoana izao. Tsy izay ihany fa nanambara ny minisitry ny vola sy ny toekarena ankehitriny, fa nisy fanodinkodinam-bola tao amin'ny tahirimbolam-panjakana kanefa tsy nisy akony izany hatramin'izao. Toe-draharaha mambotry Firenena sady mampahantra ny Malagasy ny fanodinkodinambola izay tena mahazo laka tokoa kanefa sarontsaronan'ny mpitondra fotsiny, koa heverina fa anisan'ny tsy azo handeferana mihitsy ka tsy maintsy handraisana fepetra hentitra. Ny Praiminisitra no lehiben'ny fitantanan-draharaha (chef de l'administration), ka mahafantatra tsara ny momba ny fitantanam-bola any amin'ny departementa rehetra misy, izay azo inoana fa manana sora-bolany avy. Tsy azo andeferana ihany koa ny tsy fandoavan'ny minisiteran'ny fampianarana ambony ny karaman'ny mpandraharaha ankapobeny sy teknika ary mpampianatra any amin'ny Anjerimanontolo sy any amin'ny sampandraharaha samy hafa any. Ny mahagaga anefa dia ny Praiminisitra indray no mandrahona ireo tsy misitraka ny zony. Araka izany, na inona na inona tranga mambotry Firenena, na manohintohina ny fiainam-bahoaka eo amin'ny lafiny rehetra dia tsy maintsy tokony hampiharina ny "fandeferana aotra".

***Andry Tsiavalona***

Kaomina Ampitatafika

# Nasiam-panitarana avokoa ny EPP miisa 2

Notokanana ny omaly maraina ireo efitrano vaovao miisa 5, ho an'ny sekoly fanabeazana fototra EPP miisa 2 ao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano. Lanonana notarihin'ny Ben'ny tanàna, voafidy tamin'ny lisitry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Ramparaoelina Rado, notronin'ny solontenan'ny Distrikan'Antananarivo Atsimondrano sy ny Cisco Antananarivo Atsimondrano ary ny Zap Ampitatafika, niaraka tamin'ny vahoaka teny an-toerana. Nampitomboina avokoa ireo efitrano fianarana ao amin'ny EPP Ambodiafotsy (efitrano miisa 3 miaraka amin'ny toeram-pidiovana), sy ny Epp Ambohimangidy (efitrano 2 miaraka amin'ny toeram-pidiovana ).Fotototodrafitr'asa vaovao miaraka amin'ny fampitaovana mifanaraka amin'izany (Tabilio,seza,latabatra,"Kit's Scolaire), novatsian'ny Ong MDF (Madagascar Developement Found), vola maherin'ny 100 tapitrisa Ar ka ny fanatsarana ny toeram-pianarana sy ny kalitaon'ny fampianarana ho an'ny ankizy ao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Ampitatafika no tanjon'ny tetik'asa. Nilaza ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ampitatafika, fa tsy ho tery intsony ny fandaharam-potoana fampianarana ho an'ny tompon'andraikitra ao amin'ny Epp Ambodiafotsy rehefa mandrindra an'ireo mpianatra, izay maherin'ny 269 amin'ireo efitrano miisa 7 ao amin'ny sekoly manomboka izao. Nanazava kosa Ramatoa Ramananto Nirina Elysa Talen'ny Epp Ambodiafotsy, fa afaka hampitombo mpianatra miisa 50 indray ny sekoly amin'ny taom-pianarana 2022 ho avy izao, noho ny fitomboan'ny efitranon'ny sekoly. Nanamafy ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ampitatafika, fa noho ny fiaraha-miasa amin'ny tsy miankina dia mitohy ny fanatsarana ny tontolon'ny fanabeazana ao an-toerana, ao anatin'izany ny famitana ny Ceg Maoderina ahitana efitranom-pianarana miisa 24, ny fanamboarana an'ireo lalan-kely vatsian'ny AFD ( Agence Francaise de Developpement) vola ao amin'ny Fokontany Avaratetezana, ny Fokontany Atsienim-bohitra, ny Fokontany Ambodiafotsy, ny famitana lalana "Pavé" izay mirefy 2 km, ny fampidirana rianaratra mandeha amin'ny angôvo avy amin'ny masoandro,…

***Franck Razakambelo***



*Sekoly nasiam-panitarana teny Ampitatafika.*

MPINO SILAMO

# Niara-nankalaza ny andro nahaterahan'ny mpaminany Mohamad

Nifamotoana tetsy amin'ny CRA (Centre Rassoul Akraam) Antohomadinika ny alahady lasa teo ny mpino Silamo rehetra, notronin'ny Kristianina sy ny solontenam-panjakana, niaraka nankalaza ny volana "Maolidy", izay vanindro nahaterahan'ny mpaminany Mohamad, mpitarika ny finoana Silamo maneran-tany. Nilaza ny Cheik Hanipha Akbaraly, Tale nasionaly ny Centre CRA Antohomadinika, fa ny fanehoana ny fitiavana sy firahalahiana ary ny fiaraha-miaina amin'ny olondrehetra amin'ny alalan' ny fanajana sy fifanampiana, no lesona napetraky ny mpaminany Mohamad, ho an'ny mpino Silamo, indrindra amin' izao fotoan-tsarotra izay lalovan'ny firenena izao. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, fa betsaka ny fifanomezantanana nataon'ny fikambanana Silamo nentina nanampiana ny sosialimbahoaka tao anatin'ny hamehana ara-pahasalamana, indrindra tany amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany sy ny faritra Atsimon'ny Nosy, ao anatin'izany ny fizarana sakafo sy fanafody ary ny fanatsarana ny tontolon'ny fampianarana. Nanazava Cheik Hanipha Akbaraly, fa fotoana iray hamporisihana ny tanora hiroso amin'ny fanambadiana ny fankalazana ny volana "Maolidy", noho izany nisy ny fanamasinam-panambadiana ho an'ny tokantrano miisa 15 tetsy amin'ny CRA ny alahady lasa teo. Nanamafy Cheik Abdoul Hady, filohan'ny Kaonfederasionina finoana Silamo eto Madagasikara, fa tsy mankasitraka ny lalàna izay manaiky ny fanalanjaza ny mpino Silamo ary tsy azo leferina ny fanatanterahana an'izany hoy ity farany, raha tsy misy fanapahan-kevitra avy amin'ny Dokotera nohon' ny antony ara-pahasalamana manokana, izay tsy azo anoharana. Fanjakana laika izay mitsinjo ny foto-pinoana rehetra i Madagasikara, anisan'izany ny finoana Silamo ary zava-dehibe ho an'ny mpino silamo ny fanomezan-danja ny fety Silamo toy ny "Aid El Fitr" sy ny "Aid El Adha".

***Franck Razakambelo***



*Lanonana tetsy amin'ny CRA Antohomadinika ny alahady teo.*

## TONONKALO

### Misokatra ny sisintany ?

Inona no tombontsoa raha hoe hivoha ny sisintany ?
Ho tonga maro ireo vahiny , loharanom-bola izany .
Ny entana izay tena ilaina , mety tsy hanano sarotra.
Hitobaka ny avy any ivelany raha ny sehatry ny varotra.

Saingy ahoana ny amin`ilay aretin-dratsy tena mihanaka ,
Fa ny sisintany izany dia vao mainka koa hibanaka ?
Moa nosaininao mpitondra ? nisy ve ny fiomanana,
Sa dia "tefy maika" hatrany , izay no tena manavanana ?

Raha mivoha ny sisintany , tsy vao mainka ve ho loza
Ny hadalana sy hagegena ataonareo "mpitondra foza" ?
Fony hoe nikatona aza , tao ny afera namohehatra,
Ka raha tena hoe mivoha , vao mainka halalaka ny sehatra !

Ary toy ny mahazatra dia hitohy ny gaboraraka,
Ka rehefa akamakama dia tsy hisy ny arakaraka.
Afaka mivoaka miditra araka ny nahim-pony,
Fa ny mpiaro dia tsy hafa fa ny ngeza ery ambony !

***DADAN`i RIANA (25-10-21)***

### MARIE STOPS TOAMASINA

## Nanitatra ny ivontoeram-piterahana any Ankirihiry

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny herinandro teo ny Ivotoeram-piterahana Marie Stopes Madagascar eto Ankirihiry Toamasina, faritra Atsinanana, izay mifantoka hatrany amin'ny fiarovana sy ny fanomezana fahafahampo ny mpiteraka : « sécurité et satisfaction des clients ». Marihina fa nisy fitomboana be ny isan'ny zaza teraka eto Madagasikara, izay mifandraika amin'ny olana nentin'ny covid-19 teo, hoy ny Talen'ny Marie Stopes Toamasina Ramatoa Lalaina Razafinirinasoa . Faritany dimy eto Madagasikara no nanaovana ny fanitarana dia Antananarivo, Toliara, Mahajanga, Antsiranana, Toamasina. Nanomboka tamin'ny taona 1990 ka hatramin'izao dia afaka nikarakara vehivavy Malagasy miisa 3 tapitrisa mahery ny Marie Stopes. Na teo aza ny krizy ara-pahasalamana mifandraika amin'ny Covid-19, dia mpanjifa hatrany amin'ny 93379 tamin'ny taon-dasa no afaka nahazo tombony tamin'ny fikarakarana ara-kalitao teny amin'ny centres sy maternité Marie Stopes Madagascar, tao anatin'izany ny fiterahana miisa 576, ny fikarakarana mialoha na aorian'ny fiterahana na « CPN pré-post » dia 9849, ny analizy dia 6117, ny fitarafana na échographie dia 12106, ny fizahana amin'ny ankapobeny na consultation générale dia 37631, ary 7326 ny fitiliana ny homamiadan'ny vozon-tranonjaza. Fitsaboana 322 amin'ny cryotherapy ary 7054 ny fitiliana ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo na IST. Ireo Maternité 6 sy tobim-pahasalamana na centres 4 izay hita any amin'ireo tanàn-dehibe eto Madagasikara, dia misy mpitsabo voaofana manokana miisa 85. Nanotrona sy nanome voninahitra tamin'izany ireo manampahefahana teto an-toerana, notarihin'ny Dr Vahatriniaina Lovahasina (DSFa).



*Ny fanokafana ny Marie Stops tany Ankirihiry Toamasina.*

***JOS Toamasina***

### Varotra sy fanjifana

## Mampihanta ny besinimaro ny Tranombarotra Baolai

Rehefa amin'ny vanim-potoana toy izao, dia ny kojakoja elektrônika na « appareil en électroménager » no mahasarika ny besinimaro. Ho fiatrehana izany dia manavao ny tolotra omeny ny mpanjifa ny Tranombarotra « Baolai ». « Ny entana loha-laharana amin 'ny kalitao, vaovao hita ato aminay dia natao mifanaraka hatrany amin 'ny fahefa-mividy sy filan'ny daholobe. Izany dia ho hita etsy Soarano, Analakely ary ao Bazar - be Toamasina » hoy ny tompon 'andraikitra. Ao ny: télé led sy Smart tv misy manomboka 32" hatramin'ny 85 " - laser tv samihafa misy hatramin'ny 120 " : misy antoka 1 taona daholo, Ampli- baffle maro karazany, climatiseur, brushing, four micro - onde, synthétiseur, machine à laver, réfrigérateur, Panneaux solaires mono sy polychristalline, subwoofer, table de mixage, Smartphone, cuisinière à gaz sy électrique, … Ny antsipirian'izany rehetra izany dia azo fantarina ao amin'ny site web sy pejy facebook baolai ary ao amin ny laharana finday 0345628821 (ora fiasana). Dia ho maro loko tokoa ny famaranana an'ity volana oktobra mahafinaritra ity miaraka amin'ny Tranombarotra Baolai.




*Entana samy hafa hita ao amin'ny Tranombarotra Baolai.*

***Niaina***

## Mazotoa mihira

***Amin'izao fiainana sarotra izao, sy ny fahasahiranana miha-mitombo hatrany misy eto amin'ny firenena, ilaina ny firaisankina. Hira mahakasika an'izay no atolotra anao androany. Hiran'i Firmin : Sakambino. Koa dia mazotoa mihira ary e !***

### SAKAMBINO

Fiainana ny etohy é, fa miha raty namako
Fiasa ratsy mangeja, mamatotsy é
Fitiavan-tena kohahy é, tsy azo fefena
Sahira gn'olo tsy mahita ny rariny é
Fé, dra ino fijalia, tsy atao ampisaraky é
Andaho hifagnampy, andaho hitambatsy é

Toy ny tanako, rambeso longo
Ndré zaho ratiraty é, tia anao havako
Sakambino, areno izay lavo
Ndra iha tafita, zaho mbo longonao avao

Fiainana ny etohy é, fa miha sarotsy namako
Tebiteby lava, hamarahy koa mbo tsy fantatsy é
Fihavana kohahy é, natakalo drala
Sahira gn'olo tsy mahita ny rariny é

Ndra iha mijaly, zaho mbo longo nao avao
Zaho dra ratiraty é longo o, longonao avao



***Mpihira : Firmin.***

## Sakafo Ny Valosoa




Henomby sy voatavo, na henomby sy tsirebika indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao rondrony izany, na atao ketsaketsa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fanalana angadrano amin'ny loha

Fomba fanalana angadrano amin'ny loha indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra atao aminy: mihinana Sakafo be omega 3 toy ny trondro,… Mihinana vokatra azo avy amin'ny ronono. Ahena ny stress rarintsaina. Na menaka diloilo coco , na menaka oliva ahoosotra amin'ny loha. Na hosorana vahona dia avela eo manditra ny ora roa dia avy eo sasana. Hasiana carbonate de soude ny rano anasana ny loha. Hasiana vinaigre de cidre ny rano anasana loha.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambalabe Befanjava, any amin'ny distrikan'i Mahajanga II, faritra Boeny

Tao aorian'ny fampahafantarana ireo kaominina any amin'ny distrikan'Ambato Boeny, ireo tanàna amin'ireo kaominina any amin'ny distrikan'i Mahajanga II faritra Boeny indray, no hampahafantarina antsika manomboka eto.

Ny tanànan'Ambalabe Befanjava, any amin'ny distrikan'i Mahajanga II, faritra Boeny, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambalabe Befanjava ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 any amin'ny distrikan'i Mahajanga II. Amin'ny faritra avaratra atsinanan'ny faritra Boeny no misy azy. Mbola tsy dia avo toerana izy, satria 32 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny voankazo isan-karazany toy ny manga, ny mahabibo, ny mokonazy.



## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ary ny ranomasina dia namoaka ny maty tao anatiny; ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita namoaka ny maty tao aminy; dia samy notsaraina araka ny asany izy."*

***Apokalypsy 20:13***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mitombina ny tolon'ny mpanao gazety, mitady hanao izay tiana atao ny ministra Lalatiana

**Hetsika Montpellier :** tena mitombina ny tolon'ny mpanao gazety, fa io tokoa ilay minisitry ny serasera, Lalatiana, ministra Veta, Mama saosy, fa manery ny mpanao gazety hanaraka izay tiany atao. Ny mpanao gazety vahiny dia tsy maintsy miera any @ ministera vao mahazo alalana hanao reportage, ary hisy mpiasan'ny ministera hanaraka ireo mpanao gazety, ary hiantohan'ny mpanao gazety ny mombamomban'io mpanaraka io, ary mbola mandoa 3000 USD ihany koa ny mpanao gazety any @ ministera, toy ny any Korea avaratra.

**Alfred Rasendra :** i Mama Sôsy no hampirodana io fitondrana io . Tsy voafehin-dRajoelina mihintsy, fa manao ny loham-botony . Tsy ho ela intsony izy ity raha izao no fandehany.

**Tovo Razaka :** tsy mahalala menatra i Mama Saosy!

**Nina Meyers :** @zoma @13h30 ndray maheno ny valinkafatra.

**Andry Naivo :** fambara ny fiatombohan'ny farany ho an'ikala izao ataony izao ! Efa voazava amin'izay ny lalany ! Hahahaaaa !

**Finette Rasoa :** ataovy mihinana io kala Mama Saosy io Gaelle a ! tsy mahay ny asany, ireny alehany rehefa tsy misy diplôme.

**Hasindaza Leon Randrianarivo :** lectures tsotra: complices daholo ireo @ zava-mitranga. Défi @ RSF,@ communautés internationaux fa ici c'est Madagascar. Messages ho an'ny journalistes tsy mahay misolelaka fa mipetraha sao simbainay eo!

**Nosy Rivomalala :** ny tian'io M ben'io atao no tadiaviny atao @ rehetra, soa fa misy ny mahafantatra ny tiany atao , asakasak'izay manaiky ataony mimi. Rafahafahana Tsifolaka : lelike!

**Rivolalaina Leader :** ef tsipaky ny miala aina ny an'i BM, noheveriny f izy ihany no mena ao.

**Nicole Andriamarosoa :** ndryy, midelira, iza no ho azonao @ izany. Na hiditra aty aza tsy ho ataon'ireo raha izay izany foana. Tia vola ambonin'izany. Hisy mangarahara ve izany raha hisy koa.

**Solo Namana :** Tsy rariny kosa ilay ataon' ny minisitra, dia ho arakarahina eny izany ny mpanao gazety vahiny rehefa hanao ny asany.

**Raoelison Mami Raoelison :** manalabaraka firenena ny ministra Lalatiana, efa jadona kosa zany a!

**Hetsika Montpellier :** Sady tokony haseho an'ny ministera ny votoatin'ny reportage alohan'ny hanomezana alalana.

**Henriah Landemaine :** elle est vraiment folle, raha hisy ny sazy fanapahan-doha eto Madagasikara, dia io Lalatiana io mihintsy no ho executer-na voalohany!



**.James Ratsima :** LalaTiana, arrêtes tes conneries, tu vas les regretter amèrement.

**Soloniriana Ramananjato : James Ratsima** : Raha misy valiny io ho ratsy ho azy .

**Manou Razakarison :** tena efa tsy mety tsony kosa ko!

**Rakotoarimanana Armand Jhonson :** efa TSY izy intsony izy ty eh!

**Hortense Rasoa :** efa mitapy , mpanao gazety iza no hanaiky izany ? Aiza ilay hoe liberté d'expression?

**Hanitra Beauté :** be fialonana izy en plus, satria fahaizana sy fahalalana tsy mitovy ... miampy haratsimpanahy , haratsian-toetra ny an'ny ministra Mama Saosy.

**Zo Rajaonasimanana :** rahoviana ary vao hamitsaka ity olona ity?

**Lynah Raveloa :** efa tsy tafavoaka intsony, dia manao zay hevitra rehetra entina hanaovana triplons ndray amin'ny 2023 .

**Avotra Hajason :** zany revim-mbotona ministra!

**Vitsika Keli :** iny ary no nahamatimaty an'saïd ko!

**Randrianirina Toky Randrianirina :** koa raha tsy miverina NY fanjanahantany ko.

**Heri Fitiavana Baleda :** tsy azo ekena zany. Avelao an-kalalahana ny mpanao gazety hitady vaovao na ny avy any ivelany, na ny avy eto an-toerana.

**Rivo Lala :** ianareo nifidy azy ihany no hihinan'IEM @io e!

**Christian Ambondrona :** koa ratsy vendrana ohatrazy ny presse.

**James Ratsima :** ne te laisse pas impressionner ma sœur Gaelle. Tiens bon , ils commencent à paniquer. Tu as mon soutien TOTAL.

**Alfred Ranomearisoa :** manaotao foana mihitsy ity ministra Lalatiana Rakotondrazafy ity sy ny ekipany hatram'izay ka hatramin'zao !

### Basket Ambohitsaina 3x3

## Naresaka teny Ankatso tamin'ny sabotsy sy alahady

Naresaka dia naresaka tokoa teny amin'ny toerana vaovao nohajariana anatontosana fanatanjahantena teny Ankatso, tamin'ny fanatanterahana ny hetsika basikety "Ambohitsaina 3x3", nokarakarain'ny " Direction de l'Office des Sports et et de la Culture" notarihan'ny filohany, Andriamandimby Souleman Ibrahim, sy ny Fmbb, nosoloin-dRandrianarisoa Rina ary ny M-Vola niaraka. Natao ny fifaninanana, hoy ny filohan'ny "Direction de l'Office des Sports et et de la Culture" eny Ankatso, mba hanentanana ny mpianatra eny Ankatso hanao fanatanjahantena, hananan'izy ireo vatana tomady eo am-pandratoana fahalalana ataony eny amin'ity Oniveriste ity sy mba ho fampahafantarana ho an'ny besinimaro an'ireo "mention" misy eny Ankatso ankehitriny koa. "Tournoi" 2 no notanterahina tamin'ireo andro roa ireo dia ny "Tournoi



*Ireo nisitraka amboara teny Ankatso.*

Inter-mention" sy ny "Tournoi des élites", niaraka tamin'ny fifaninanana "Shoot". Vokatra rehetra azo : Championne Shoot out Contest : Jaofera Christiane • Champion Shoot out Contest: Razafindramanitra Tsiresy « Tounoi Inter-mention » - 3eme Place Dame: EAD/APSA -Vice Championne: Poly M'Play - Championne : Gestion -3eme Place Homme: Economie Mamba -Vice Champion: Genie Civil - Champion: Gestion Team « Tournoi Elites » -3éme Place Dame: Namakia - Vice Championne: Maki - Championne : Makoa -3éme Place Homme: Raketamena -Vice Champion: RBZ -Champion: Sabalango. Nahazo lelavola 500000 Ar avy amin'ny M-Vola avy ireo tompondaka lahy sy vavy teo amin'ny "Inter-mention", nahazo 300000 Ar ireo tompondaka lefitra ary 200000 Ar no nomena an'ireo nitana ny laharana faha-3. Mbola nahazo lelavola 600000 Ar avy amin'ny M-Vola avy ihany koa ireo tompondaka lahy sy vavy teo amin'ny "tounoi des élites" , 400000 Ar ho an'ireo tompondaka lefitra ary 300000 Ar, ho an'ny laharana faha3.

***Rainilita***

### 42e Rallye RIM

## Ny fiara Subaru nentin'i Fred et Mick no nahery

Nifarana, tetsy amin'ny tokontanin'ny Materauto Ankorondrano, tamin'ny alahady 24 ôktôbra 2021, ny fifaninanana 42e Rallye RIM notontosaina nandritra ny hateloana : 22, 23 ary 24 ôktôbra . Nahery teo amin'ny filaharana ankapobeny ny fiara Subaru Impreza nentin'ny ekipazy n°3 Fred sy Mick avy amin'ny Asacm, narahin'ny fiara Subaru Impreza n° 5 nentin'i Mathieu sy Andry Tahina avy amin'ny Asacm ihany ary ny fiara Peugeot 208 T 16 nentin'i Mika sy Fafah avy amin'ny Tmf sy Tac's. Anisan'ireo fiara 18 tamin' ireo niisa 40 nandray ny fiaingana tany amboalohany ireo fiara nitana ny laharana telo voalohany ireo. Nankasitraka an'ireo mpanohana sy mpiaramiombon'antoka taminy




*Ny fiara Subaru nentin'i Fred sy Mick.*

tsy ankanavaka tamin'ny fanolorana azy ireo amboara manokana ny Fmsam, notarihan'ny filohany Jimmy Rakotofiringa. Mazava loatra, samy notolorana amboara avokoa ireo mpandresy isan-tsokajy misy amin'ity fifaninanana rallye malagasy ity. Nambara tetsy Ankorondrano fa any Antsirabe amin'ny fifaninanana ho karakarain'ny Tac's ny 18 sy 19 ary 20 nôvambra 2021 indray, ny fifaninanana rallye manaraka « 6e manche du championnat de Madagascar 2021 ». Filaharana ankapobeny : 1er Fred sy Mick (Asacm-Asacm) nitondra Subaru Impreza n°3, 2e Mathieu sy Andry Tahina (Asacm-Asacm) nitondra Subaru Impreza n°5, 3e Mika sy Fafah (Tmf – Tac's) nitondra Peugeot 208 T16 n°21.

***Rainilita***

### Fifaninana rugby Doppel Top 20- 2021

## Nifarana tamin'ny alahady teo ny dingana fifanintsanana



*Fihaonana teny Andohatapenaka tamin'ny alahady.*

Nifarana tamin'ny alahady 24 ôktôbra 2021 teo, teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, ny dingana fifanintsanana eo amin'ny lalao rugby Doppel Top 20-2021. Lalao niisa 4 no tontosa tamin'io alahady io, ka nisongadinan'ny nanamontsanan'ny Ftm Manjakaray 62 -30 ny Scb Besarety, sy ny nanamontsanan'ny Uscar Commune 51 – 15 ny XV Fa Ampasika ihany koa. Ireo vokatra rehetra azo tamin'io alahady io : Uscar Commune 51 – 15 XV Fa Ampasika. 3Fai Vakinankaratra 36 – 45 Ftba Andohatapenaka. Ftm Manjakaray 62 – 30 Scb Besarety. Tfa Anatihazo 27 – 23 Usa Ankadifotsy.

***Rainilita***

FITATERANA AN'HABAKABAKA

# Tsy izao akory vao misokatra ny habakabak'i Madagasikara



Voizina mafy ankehitriny ny fisokafan'ny lanitr'i Madagasikara ho amin'ny fidiran'ireo fiaramanidina avy any ivelany. Ireo fiaramanidina avy amin'ireo Nosy aty amin'ny Oseana indiana manodidina antsika, no misantatra azy nanomboka ny sabotsy lasa teo raha ny fantatra. Toy ny zava-baovao tanteraka indray izany raha araka ny filazana azy. Niaraha-nahalala anefa, fa tsy nikatona na nihidy tanteraka ny habakabaka tao anatin'izay volana maro nambara fa niatrehana ny krizy ara-pahasalamana izay. Nisy hatrany ireo fiaramanidina nivezivezy sy niantsona teto farafahakeliny indroa isan-kerinandro. Nisy amin'izy ireo tsy avy eto amin'ireo Nosy ireo, fa nisy mihitsy ny avy any Eôrôpa toy ny avy any Frantsa. Nisy hatrany ireo olona avy any ivelany niditra teto Madagasikara, ary nisy ireo nandeha nivoaka teto tao anatin'izay fotoana amam-bolana maro izay. Sokajin'olona maro samihafa no nivoaka sy niditra teto. Izany ve no lazaina fa nihidy ny habakabak'i Madagasikara. Tsy lavina, fa tsy ny olona rehetra no afaka nanao izany, saingy nisy ireo sokajin'olona ireo mbola afaka nisitraka ny fivezivezena. Toa midika izany, fa misy fandrebirebena na famitahana vahoaka fotsiny ihany natao teto. Tomponandraikitra mamita-bahoaka. Maninona raha tsy lazaina tsotra sy mazava, fa tsy tena mihidy ny habakabaka, fa mitafitafy ihany, satria misy olona sy fiaramanidina mitondra azy ireo tsy maintsy ifamezivezy.

Io tsy filazana ny marina mazava sy ny mangarahara io no anisany miteraka ny tsy fifampitokisana hatrany eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka. Be izay toe-javatra niseho teto amin'ny firenena izay no nafenimpenin'izao fitondrana izao. Tsy misy mihitsy koa anefa izay mba finiavana na kely aza avy amin'ny fitondrana, mba hiova hanatsara ny fifandraisany amin'ny vahoaka. Tsy atao hagagaga raha toa ka miseho hatrany ny olana samihafa mampafana ny toeraharaham-pirenena, satria noho ny ataony sy avy aminy ihany no mahatonga izany.

***Sôh'son***

Alasora Avaradrano

# Miseho lany ny varotra antsokosoko zava-mahadomelina

Miseho lany ny varotra antsokosoko rongony eny Alasora Avaradrano amin'izao fotoana. Na eo aza izany, miezaka amin'ny fanatrarana azy ireo ny mpitandro filaminana, ampian'ny fanomezam-baovao avy amin'ny fokonolona. Ravan'ny zandary ny tambazotra iray mpivarotra rongony teny an-toerana noho izany. Nahazo angom-baovao matetika ny eo anivon'ny Zana-tobimparitry ny Zandarimariampirenena eny Alasora, fa misy olona maromaro ao anatin'ny tambazotra mpivarotra rongony, izay hita fa mampirongatra ny tsy fandriampahalemana tato ho ato. Manoloana izany dia nisy ny hetsika fampandriana fahalemana ataon'ny zandary ao an-toerana, sy ny avy eny amin'ny vondron-tobimparitry ny zandarimariampirenena Antananarivo/ Renivohitra, izay nahitambokany, ka naharava ireo mpivarotra rongony. Lehilahy miisa 5 no sarona, toerana samihafa avokoa no nahatrarana azy ireto, rehefa nanaovana vela-pandrika, ka sarona niaraka tamin'ny entam-barotra. Tao Tanjombato no nisamborana ny 4, ny voalohany naman'ilay lehilahy tafaporitsaka, izay nahitana héroïne miisa 3, milanja 02 grama, ny faharoa tsy nahitana rongony saingy niaiky fa mpividy sy mpifoka, ny fahatelo mpanara-maso izay mpitandro ny filaminana sendra mandalo, ka mampandositra ireo mpivarotra sy mpividy amin' ny alalan'ny sioka na teny na koa fihetsika ary ny fahaefatra dia mpivarotra nahatratrarana rongony miisa 73 fonosana, milanja eo ho eo amin'ny 450 grama.



*Ireo mpivarotra zava-mahadomelina tratra teny Alasora.*

Teny akaikin'ny domaines Bypass Alasora kosa no nahatratrarana ny mpamatsy rongony an'ity farany rehefa nanaovana vela-pandrika, izay nitondra rongony milanja manodidina ny 10 kilao teo ho eo, hita tao anaty fiara tsy mataho-dalana nentiny tamin'io. Nogiazana avokoa ireo rongony sy héroïne tratra ireo, torak'izay koa ilay fiara nampiasaina tamin'io ary nampidirina ambalantsazy. Taorian'ny famotorana dia natolotra ny fitsarana ny faran'ny herinandro teo izy 5 mirahalahy ireo, ka voatazona eny amin'ny fonjan'Antanimora miandry ny fotoam-pitsarana azy ireo.

***Stefa***

Champion's League Malagasy

# Andro voalohan'ny "Poules des As", tontosa tany Toamasina



*Fihaonan'ny Fco Boeny sy Jfc Atsimo Andrefana.*

Tontosa antsakany sy andavany, tao amin'ny kianja « Barikadimy Stadium Toamasina », tamin'ny alahady 24 ôktôbra 2021 lasa teo, ny andro voalohany amin'ny fifaninanana «Poule des As », « Champion's League Malagasy 2021 ». Azo ambara fa tsara fanombohana tamin'ireo fihaonana roa ireo ny ekipan'ny Fc Fanalamanga avy any Alaotra Mangoro, izay hany nibata fandresena tamin'io andro voalohany io. Voka-dalao azo : - Fco Boeny 2 - 2 Jfc Atsimo Andrefana. As Fanalamanga Alaotra Mangoro 2 -1 Fc Grand Sud Est Menabe. Rahampitso alarobia 27 ôktôbra 2021 no hanatanterahana ny andro faha-2 amin'ity fifaninanana ity ao amin'ny « Barikadimy Stadium » ihany. Fandaharan-dalao andro faha-2 : 12:30-Jfc Atsimo Andrefana # Fc Grand Sud Est Menabe, 15 :00-Fco Boeny # As Fanalamanga Alaotra Mangoro.

***Rainilita***

Eglizy Katolika

# Nahazo Pretra sy Diakra vaovao ny diosezin'i Mahajanga

Nahazo Pretra sy Diakra vaovao ny diosezin'i Mahajanga any amin'ny faritra Boeny. Sorona masina lehibe ny alahady teo no natao nanamasinana ny pretra iray vaovao, sy Diakra roalahy tany an-toerana. Notontosaina tao amin'ny tokontany malalaky ny Don Bosco, EKAR Masimbavy Terezy Antanimasaja ny Sorona Masina, fanamasinana ho Pretra an'i Ravelonanosy Avellin sy ho Diakra ireo frera roalahy, Ramananjoary Tojonirina Fidelis sy Randriamalala Nantenaina Michel André. Marihina fa samy salezianina avokoa ireto tanora, nandray ny sakramentan'ny filaharana maha Diakra sy Pretra any Mahajanga azy ireto.

***Stefa***



*Ny lamesa lehibe tany Antanimasaja Mahajanga ny alahady lasa teo.*

« Kodiaran-2, Premier festival de la moto à Madagascar »

# Tontosa avokoa ireo novinavinaina rehetra

Tontosa avokoa ireo hetsika rehetra novinavinain'ny X'Inov mpikarakara, notanterahina tamin'ny hetsika «Kodiaran-2, Premier festival de la moto à Madagascar », notontosaina teny amin'ny tokontany malalaky ny CCI Ivato. Tao anatin'izany ny fifaninanana Skateboard, ny fifaninanana Gymkhana, ny fifaninanana vélo trial, ny fifaninanana RC, ny fanatontosana ny "ventes expositions" tao amin'ny village lifestyle ary ny "concerts X'Inov», nandraisan'ireo mpanakanto malaza anjara. Nisongadina ihany koa ny fahazoan'ireo mpanotrona rehetra nividy sakafo ara-pahasalamana teny amin'ireo tranoeva maro nanatanteraka izany. Nambaran-dRasoanaivo Rivo, tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny orinasa X'Inov, fa famporisihana an'ireo mpankafy kodiaran-droa hiditra amin'ny sehatra aradalàna, no tena tanjona tamin'ity hetsika andiany voalohany niarahana tamin'ny « Police Nationale » ity ary ho fampivondronana ny mpisehatra sy mpankafy kodiaran-droa rehetra ihany koa. Nambarany, fa tsy ho ela ny fanatanterahana ny andiany faharoa ary azo eritreretina ny hitondrana any amin'ny Faritra Ivelan'Antananarivo ny hetsika.

***Rainilita***



*Hetsika Kodiaran-2 teny amin'ny CCI Ivato.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**

**23/10/2021 hatramin'ny 30/10/2021**

- **OCEAN INDIEN** (Soarano), tél. 034 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina), tél. 22 200 25
- **GISELE** (Ambodivorikely Anosivavaka), tél. 23 617 59
- **ANDRAVOAHANGY** (près Epi d'Or), tél. 22 245 12
- **MIARO** (Ampefiloha, immeuble Fiaro),

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1225-10-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

LEMAK'I BAS MANGOKY

# Ritra ny reniranon'i Mangoky, sahirana ny tantsaha mpamboly vary

Maina ihany koa ny toetr'andro amin'izao fotoana any amin'ny distrikan'i Morombe any amin'ny faritra Atsimo Andrefana, indrindra ny any amin'ny faritra mpamokatra any amin'izany faritra izany dia ny any amin'ny lemak'i Bas Mangoky. Ritra noho izany ny reniranon'i Mangoky, izay manondraka ity lemaka lehibe, anisan'ny mpamoka-bary be eto Madagasikara ity. Efa tokony hiditra amin'ny fambolembary andiany faha-2 ny any an-toerana amin'izao fotoana, nefa izao tsy misy rano izao. Marihana fa mahavokatra vary indroa isan-taona fara-fahakeliny ny any amin'ny lemak'i Bas Mangoky ity.



Hiteraka fahasahiranana be ho an'ny tantsaha any an-toerana izao toe-javamisy izao, koa hanairan'ny any an-toerana ny tompon'andraikitra ao amin'ny fambolena.

***Niaina***

Dzamandzar Nosy-Be

# Bungalow miisa 6 tamina Hotel iray may nisy nandoro



***Bungalow, anisan'ny may tany Nosy-Be.***

Nisehoana haintrano tamina trano fandraisam-bahiny na Hotel iray tany Dzamandzar Nosy-Be faritra Diana, bungalow miisa 6 no may tao amin'ity Hotel ity, vokatry ny afo nataon'olona. Araka ny loharanom-baovao azo, nisy olona nandoro trano gasy efa tsy misy olona mipetraka intsony teo akaikin'ity Hotel ity, nisy anefa pitik'afo niparitaka, ka lasa nandoro ireo bungalow ireo. Fahavoazana iray lavaka noho izany ho an'ilay mpandraharaha tompona Hotel, mila mitandrina isika amin'izao fotoana, satria fotoana misy tsio-drivotra ankehitriny, ka tokony ho mailo lalan-dava ny rehetra amin'ny resaka afo na motro.

***Niaina***

Antsirabe-Betafo-Miandrivazo

# Potika tsy misy fanamboarana ny lalampirenena faha-34 (RN34)

Lalana Antsirabe – Betafo- Miandrivazo, lalampirenena faha-34 (RN34), potika tsy misy fanamboarana ary toa tazanim-potsiny izany fahasimba izany amin'izao fotoana. Efa ela ny lalam-pirenena faha34 anelanelan'Antsirabe sy Betafo ary Miandrivazo no simba, ary amin'izao fiavian'ny orana izao, dia vao mainka izany ho potika, hoy ny vahoaka amin'iny faritr'i Vakinankaratra sy Menabe iny. Raha tena laharam-pahamehana ho an'ny fitondrana amin'izao ny lalana, tsy tazanim-potsiny toy izao ny fahasimbany, ny volan'ireo mpikojakoja lalana rahateo aza tsy mbola voavaha hatreto, hoy ireo mpampiasa izany lalana izany. Amin'ny faritra maromaro amin'io lalana io, be ireo lavadavaka ary efa lasa toy ny dobo kely aza amin'ny faritra sasany. Izany ihany koa dia mahatonga ny tsy fandriampahalemana amin'ity lalampirenena ity. Koa manaitra ny sain'ny tompon'andraikitra ny any an-toerana.

***Aly***



***Ny fahasimban'ny RN34.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 370**

- Tsy mahare
- Nitady (miv)
- Sakoroka
- Eka (miv)
- Ao an-tsaina
- Fanao @ laoka
- Eritreritra miafina (miv)
- Kanto (miv)
- Nirehitra
- Fanentanana mandeha
- Voahirana
- Asiana mandeha
- Mitsoka
- Marika
- Lapan' Andriana (miv)
- Mahatazana
- Poleta
- Azo (miv)
- Tovona
- Tsofoka

**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0369)

***Mitsivalana***
- Mihainoa
- Avana (miv) - An
- Nafenina
- Valala
- Otra (miv)
- Oh
- Mandalo (miv)

***Mitsangana***
- Mankato
- Ina
- Hafatra
- Avelo
- Anay (miv) - RN
- Ilo
- Anao (miv) - OM
- Havana (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 370

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | |
| 2 | | | | ■ | ■ | | | ■ | | |
| 3 | | | | | | | | | | |
| 4 | | | | | ■ | | ■ | | | |
| 5 | | | | ■ | | | | | ■ | |
| 6 | | ■ | | | | | | ■ | | |
| 7 | | | | | ■ | | | | | |
| 8 | | | | | | | | ■ | | |
| 9 | | | | ■ | | | ■ | | | |
| 10 | | | ■ | | | | | | ■ | |

**Mitsivalana**

**1.** Manarama am-pahatsorana **2.** Foto-tenin'ny otazana - Aotra - Simba sy masiso (miv) **3.** Fitaovantsika **4.** Raikitra ny dia - Diky **5.** Taova - Aretina **6.** Miandraikitra fisavàna - Mialoha ny olo-masina **7.** Azo amin'ny ranomasina (miv) - Faneva (miv) **8.** Vola fanomezana - Mpanoritra **9.** Olo-masina - Heno - Endrika sy fihetsika (BR) **10.** Tsara (BL) - Volana maro

**Mitsangana**

**A.** Sezanareo **B.** Efa tranainy (miv) - Potika **D.** Mamangy **E.** Mamarana ny kilalao - Bengy **F.** Mampisafidy - Faran-teny **G.** Potehinareo **H.** Tsara sy mahafinaritra (miv) - Fifanarahana amin'ny lalàna **I.** Tontosa (BL) - Oroka **J.** Karazana aretina - Fanehoana zava-marina **K.** Tiantsika, tadiavintsika

## Valiny Teny mifanaraka 0369

**Mitsivalana**

**1.**Fiarakodia **2.** Ody - Natory **3.** Kintana - In **4.** Ora - Re **5.** Na - Lafatra **6.** Ondana - Eo **7.** Laoka - Alao **8.** OO - Irony **9.** Alehanao **10.** AS - Eo - Voay (miv)

**Mitsangana**

**A** Fokonolona **B.** Idiranao **D.** Aina - Do **E.** Lakile **F.** Anaranareo **G.** Kanefa - OH **H.** Ota - Anay **I.** Do - Atelina **J.** Iry - Roa - Ao **K.** (L)ainga - Volo (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fankalazana ny faha-4 taona ny TIM Frantsa, ny sabotsy teo, tany Paris.













## A VENDRE

Les épisodes de la gueguerre de Lalatiana Andriantogarivo Rakotondrazafy vs La Gazette de la Grande Ile.

**Tel : 032 52 518 87**